



TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY «VISIOCONFERENCE» NY 26 MAY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY
MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA
ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

I- FAMPAHAFANTARANA :

**HANDRAY ANJARA ISIKA AMIN'NY FIVORIAN'NY MINISITRA SY NY
FIVORIANA AN-TAMPONY NY FILOHAM-PANJAKANA SY NY
LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA EO ANIVON'NY SADC HATAO AO
MAPUTO-MOZAMBIKA:**

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana anjaran'i Madagasikara amin'ny fivorian'ny Filankevitry ny Minisitra eo anivon'ny SADC izay hatao ao Maputo. Ao aorian'io dia hisy ny fivoriana an-tampony iarahana ireo Filoham-pirenena sy ny lehiben'ny governemanta mpikambana ao amin'ny SADC. Hifantoka amin'ny fandriampahalemana ny fivoriana izay hatao.

FANAMBOARANA « ABATTOIRS » MANARAPENITRA AO ANTSIRABE I SY NOSY VARIKA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanitsiana ny sora-bola ao anatin'ny teti-bolan'ny ministeran'ny fambolena, fiompiana ary ny jono momba ny tetik'asa mikasika ny fanamboarana "abbatoirs" manarapenitra. Voarafitra ao anatin'ny lalana mifehy ny Fitantanambolam-panjakana 2021 ity tetikasa ity saingy nasiam-panitsiana ny sora-bola hoenti-manangana ny "abbatoirs" ao Antsirabe I sy Nosy Varika.

**MADAGASIKARA SY NY VONDRONA ERAOPEANINA HIFAMPIDINIKA
NY 27 SY 28 VOLANA MAY 2021 MIKASIKA NY FIFANARAHANA
MOMBA NY FANJONONA « ACCORD DE PECHE »**

Hotanterahina ny fifampidinihina momba ny fanjonona eo amin'ny Fanjakana Malagasy izay soloin-tenan'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono ary ny APMF amin'ny Vondrona Eraopeanina mba :

- hametrahana ny fiandrianam-pirenena amin'ny fari-dranomasina Malagasy azo anjonona ;
- hampiroboroboana ny lalam-piharian'ny jono ;
- hanitsiana ny haba tokony haloan'ireo sambo eraopeanina araka ny tahan' ny haba vaovao nofaritana tamin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 2 may 2021 ;
- hamerana ny isan'ireo sambo afaka miasa amin'ny fari-dranomasina Malagasy ;

**HAMPIHARINA MANERANA NY NOSY NY FEPETRA NORAISINA TAO
NOSY BE MOMBA NY MPANDRAHARAHA ARA-PIZAHANTANY**

Mba hiantohana ny fitoviana eo amin'ny samy Mpandraharaha ara-pizahantany dia ampiharina manerana ny Nosy ireo fepetra noraisina tao Nosy Be toy ny fanemorana ny fara-fandoavan-ketra sy ny fahafahana mangataka ny fandoavana tsikelikely ny saran'ny jiro sy rano eo anivon'ny JIRAMA.

**FANDAHARANASA FANORENAN-TRANO AO ANTSAPANIMHAZO
ANTSIRABE :**

Nankatoavina ny fanomezana teti-bola ao anatin'ny « Nouveaux Projets d'Emergence » ho fanamboarana sy fanorenana Trano fonenana miisa 36 ao Antsapanimahazo, District Antsirabe II ahafahana mandray ireo fianakaviana sahirana, izay sahanin'ny ministeran' ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fampiroboroboana ny vehivavy

II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY

VOLAVOLAN-DALANA

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana :

Nolaniana nandritra ny Filankevitry ny Minisitry ny volavolan-dalana mankato ny antontan-taratasy momba ny politika ny fitsinjaram-pahefana, izay sori-dalana entina manatanteraka ny Velirano faha 12. Anisan'ny foto-kevi-dehibe ao anatin'io Politikan'ny fitsinjaram-pahefana vaovao io ny famolavolana ny politikam-panjakana izay tokony mifanaraka amin'ny filàna eny ifotony (territorialisation des politiques publiques).

Hatao fomba fiasa ny fanaovana « Conférence régionale » hamaritana ireo laharam-pahamehana amin'ireo tetik'asa izay hampandroso ny faritra tsirairay.

Tokony hofaritana ireo fotodrafitrasa izay tsy maintsy mipetraka eo anivon'ny Distrika tsirairay avy. Asiam-panavaozana ny fitsinjaram-pahefana ny teti-bola eo amin'ny Fanjakana Foibe sy ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Hamafisina ny fahaiza-manaon'izy ireo mampiditra ireo haba sy hetra voafaritra ho fidiram-bolany manokana ka ahafahan'izy ireo manao ny asa fampandrosoana tandrify azy avy.

Ny fitsinjaram-pahefana tena mahomby dia tsy maintsy miaradala amin'ny fanapariaham-pahefana (déconcentration). Ireo sampan-draharam-panjakana ifotony dia ifantoka amin'ny fanampiana ara-kevitra sy ara-teknika ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana mba hisian'ny fitondrana tsara tantana sy fampandrosoana maharitra eny ifotony.

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa vaventy:

Nolaniana nandritra ny Filankevitry ny Minisitry ny didim-panjakana milaza ny filan'ny fanjakana ireo toerana voakasiky ny fanamboarana ny « flyover » ao Andohatapenaka sy ny « Voie rapide » izay mampitohy an'Andohatapenaka sy Imerintsiatosika eo anivon'ny Faritra Analamanga sy Itasy.

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Fitaterana, Fizahantany ary ny Famantarana ny toetr'andro :

Nolaniana nandritra ny Filankevitry ny Minisitry ny didim-panjakana milaza ny filan'ny fanjakana ireo toerana voakasiky fanamboarana ny fotodrafitrasa momba ny fitaterana an-dalamby eto Antananarivo manomboka eo Soarano PK0 hatrany Ambohimambola PK 12 (Corridor Sud)

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina

Nolaniahana nandritra ny Filankevitry ny Minisitry ny didim-panjakana mametraka ny Ofisin'ny Rovani Madagasikara (ORMada) manaraka ny fenitra ankapobe napetraky ny lalana manan-kery.

III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny minisitry ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana:

- **Ramatoa RANDRIANAIVO Voahangindraibe Ravakiniaina** dia voatendry ho lehiben'ny Distrika ny BETAFO.
- **Ramatoa RASATA Volahasina** dia voatendry ho lehiben'ny Distrika Antananarivo faha V.

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Fanambeazam-pirenena :

- **Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Elisah** dia voatendry ho tale misahana ny fampiroboroboana ny « intrants scolaires ».
- **Atoa. RALAINIRINA Razokiny Eric** dia voatendry ho talen'ny ivom-paritra misahana ny fampiofanana eo anivon'ny Ranomasimbe Indianina .

Araka ny tolo-kevitra ny Ministry ny Harena an-kibon'ny sy ny Loharanon-karena Stratejika :

- **Atoa. RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier** dia voatendry ho Mpikambana eo anivon'ny filankevim- pitantana eo anivon'ny OMNIS

Araka ny tolo-kevitra ny Ministry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny fampiroboroboana ny vehivavy

- **Atoa. RANDRIAMIARINARIVO Jean Bruno Abel** dia voatendry ho tale misahana ny Fitantanana ny mpiasa .

IV-FANAFOANANA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitry ny didim-panjakana manafonana ny fanendrena ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1238 tamin'ny 30 Septambra 2020 nanendrena ny Tale jeneraly misahana ny sekolim-panjakana.

Araka ny tolo-kevitra ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina :

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1310 tamin'ny 07 oktobra 2020 nanendrena ny Tale jeneraly ny serasera .
- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1262 tamin'ny 06 jona 2019 nanendrena ny tale ny Televiziona Malagasy eo anivon'ny ORTM

Natao androany faha 26 May 2021

***Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana
eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***